



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-29

**FANOLORANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY VOLAVOLAN-DALÀNA
LAHARANA FAHA-05/2019 TAMIN'NY 30 OKTOBRA 2019 MOMBA NY
LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA, TAONA 2020,
NATAON'ANDRIAMATO A MINISITRY NY TOEKARENA SY NY VOLA**

Fivoriana faha-16
Natao ny
Alakamisy 28 Novambra 2019
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANATSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

FOTOANA: Alakamisy 28 Novambra 2019 tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fanolorana amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna laharana faha-05/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020, nataon'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola.

Nitohy ny Alakamisy 28 Novambra 2019 tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Fiarahabana ny Solombavambahoaka tamin'ny nahavitany ny adidiny tamin'ny fifidianana izay ho Ben'ny Tanàna tany amin'ny Distrika misy azy avy ary nirary ireo Solombavambahoaka izay mbola eny an-dalana mba ho tonga soa aman-tsara eto amin'ny Lapa no nanombohan-dRamatoa Filoha ny fitenenany.

Niarahaba ihany koa an'Andriamatoa Minisitry sy ireo mpiara-miasa aminy ihany koa izy taorian'izay.

Rehefa izany, niangavy ny Solombavambahoaka samy hanonona ny anarany izy, mba tsy hahavery fotoana be loatra.

Taorian'izay, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana Ramatoa Filoha, izay fivoriambe hanoloran'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola amin'ny ankapobeny ny volavolan-dalàna laharana faha-05/2019 tamin'ny 30 Oktobra 2019 momba ny Lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020.

Rehefa izany, nomeny an'Andriamatoa Minisitry ny fitenenana hanolorany ny volavolan-dalàna.

Fisaorana an-dRamatoa Filoha no teny volalohany nataon'Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toekarena sy ny Vola sady niarahaba ny Solombavambahoaka ihany koa ny tenany.

Toy izao manaraka izao no fanolorana nataon'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020:

Nomarihany fa firenena iombonana i Madagasikara ary ny Fanjakana ho tokin'ny Antenimierampirenena, ny Antenimierampirenena kosa ho tokin'ny Fanjakana.

Adidin'ny Fahefana Mpanatanteraka no manomana ny tetibola hampiasan'ny Fanjakana amin'ny taona 2020, andraikitry ny Solombavambahoaka kosa no mandany ny lalàna amin'ny mahasolotenan'ny vahoaka ny Antenimierampirenena.

Ananareo zo ny mitondra fanitsiana raha ilaina izany alohan'ny handaniana azy. Azon'ny Fanjakana atao koa anefa ny mitondra fanitsiana amin'ny alalan'ny LFR raha tena ilaina izany.

Etỳ ampiandohana, ny “orientation générale” na tari-kevitra amin'ny ankapobeny no hojerena voalohany. Aorian'izay, mikasika ireo “indicateurs macroéconomiques” ary ny tanjona tokony hotratrarina, indrindra ireo paikady entina hanarenana an'i Madagasikara. Misy koa “indicateurs budgétaires” haseho, ao anatin'izany “cadrage budgétaire”, ao koa ny fintsinjarana isaky ny “secteur”. Ao ihany koa ny fandaniana ny volam-panjakana sy ny famatsiam-bola samihafa.

Momba ny “orientation générale”, efa napetraky ny Filohampirenena ny “Politique Générale de l'Etat” sy ny «Initiative pour l'Emergence de Madagascar» izay nandanian'ny vahoaka azy ka efa voafaritra amin'ny ankapobeny ny tanjona tiany hotratrarina.

Raha ny “Plan Emergence Madagascar” dia misy toko telo.

Ny voalohany, mikasika ny ara-tsosialy, ny faharoa momba ny toekarena ary ny fahatelo, momba ny tontolo iainana. Entina hanatanterahana ny fampandrosoana maharitra izy ireo.

Misy ihany koa ny fahaiza-mitantana na ny “bonne gouvernance” ao anatin'izany. Hita ao ny lafiny fandriampahalemana, ny ady amin'ny kolikoly ary ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana izay homena fahefana hitantana ny toerana misy azy; toy ny fametrahana Governora isam-paritra.

Eo amin'ny lafiny ara-tsosialy kosa ahitana ny fahasalamana, ny asa, ny fampianarana, ny toeram-ponenana, ny fanatanjahantena izay miroborobo tokoa.

Amin'ny tontolo iainana indray, ilaina ny fitantanana ireo harena voajanahary mba hialana amin'ny doro tanety sy fandorana ny ala. Ilana paikady ny fitantanana izany. Hita ao koa ny resaka angovo sy ny rano.

Mikasika ny toekarena, hisy ny fanorenana indostria, hampandrosoana ny fizahantany, torak'izany koa ny fambolena ary ny fiompiana mba hahavita tena ara-tsakafo isika.

Raha mirindra ireo toko telo ireo, tokony ho tratra ny fenitra tadiavintsika mba hampisandratra antsika.

Raha tamin'ny taona 2014, ny PIB ho an'ny isam-batan'olona dia 531. Rehefa niaraka tamin'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena ka nampihatra ny FEC isika, nisy fihenana ny fari-piainan'ny Malagasy; amin'izao taona 2019 izao, 533 izany. Noho izany, nihasarotra ny fiainana.

Mikasika ny tahan'ny harinkarena amin'ny ankapobeny indray, ny “taux d'investissement”, tamin'ny 2014, 18,3% tamin'ny PIB izany. Amin'izao taona 2019 izao, 22,3 izany. Nisy fitomboany raha io no jerena.

Ny “taux de pression fiscale”, 8,4% izany tamin'ny taona 2014; lasa 10,7% kosa amintsika miteny izao. Ny «taux de croissance» tamin'ny taona 2014, 3,3%, amin'izao efa lasa 5% kosa.

Ny tanjona amin'ny taona 2023 dia 674,2 ny vola miditra amin'ny isam-batan'olona. Amin'ny famatsiam-bola indray dia ny hahatratratsika 32,4%; eo amin'ny "taux de pression fiscale" kosa dia 14% amin'ny PIB ary amin'ny "croissance" économique", ny hahatratrana 7%.

Hotazonina ny "taux d'inflation" raha 6,9% izany tamin'ny taona 2018, amin'ity kosa 6,8%; amin'ny taona 2020, hotazonina 6,2%. Hihena io hatramin'ny taona 2023.

Manana ny andraikitra tandrify azy ny Fanjakana, toy ny fanaovana ny lalana, sekoly, hopitaly, sns... amin'ny "investissement public" izay atao amin'ny alalan'ny PIP. Miara-dia amintsika koa anefa ny sehatra tsy miankina.

Hita eto ny tahan'ny hetra, raha hanenjika 5,5% isika, tsy maintsy miezaka mba hahatratra 11,5% izany amin'ny taona 2020. Any Afrika, mahatratra 17,5% izany amin'ny ankapobeny, fa Afrika Atsimo kosa mahatratra 25% ny tahan'ny hetra any aminy. Tsy maintsy manenjika 15% isika amin'io tahan'ny hetra io.

Misy ny fantiantoka amin'ny fampiasam-bolam-panjakana, -2,8% izany, fa ny firenena hafa mahatratra 300% mihitsy.

Momba ny "cadrage macroéconomique"; mikasika ny fandaniahana ny volam-panjakana, eo amin'ny "intérêt" tsy maintsy aloa dia mitentina 452,1 Miliara Ariary ary tamin'ity taona ity, 432,7 Miliara Ariary no nifanekena tamin'ny LFR. Izany hoe, nitombo 4,5% izany.

Momba ny "opération nette du trésor", nitombo 29,2% izany; 501,1 Miliara Ariary aminy taona 2020 ary 387,9 Miliara Ariary tamin'ity taona ity. Nitombo koa ny findramam-bola, 48,9% izany amin'izao. Izany hoe, 138,3 Miliara Ariary tamin'ity taona ity, lasa 205,9 Miliara Ariary amin'ny herin-taona.

Mikasika ny PIP ivelany, 2481,4 Miliara Ariary, tamin'ity taona ity; 2180 Miliara Ariary, tamin'ny taona lasa, nisy fitomboany 14,3% izany raha jerena.

Ny PIP anatin'ny kosa 2351 Miliara Ariary amin'ny herin-taona; 1536,9 Miliara Ariary tamin'ity taona ity.

Atrehana ihany koa ny "budget de fonctionnement" samihafa izay mitentina 4315,1 Miliara Ariary, tamin'ity taona ity, 4373,9 Miliara Ariary izany. Izany hoe, nihena kely izy io.

Avy aiza no hiatrehana an'ireo fandaniahana ireo; ao aloha ny hetra. Hisy fitomboany izany amin'ny alalan'ny "pression fiscale"; ny "recette fiscale 7036,8 Miliara Ariary; 5805,6 Miliara Ariary tamin'ity taona ity. Misy fitomboany izany io lafiny fampidiran-ketra io. Izany hoe, nitombo 21,2%. Eo ihany koa ny "redevance" sy ny "ristourne"; heverina ho 200,8 Miliara Ariary amin'ny taona 2020 ary 102,3 Miliara Ariary tamin'ity taona ity. Nisy fitomboany koa io vola io. Ny antony, nandray fanapahan-kevitra ny Governemanta mikasika ny vola kirakirain'ireo "autorités" sy "agences" marobe ireo, ka hampidirina ao amin'ny kitapom-bolam-panjakana izy ireny. Anisan'ny fahasahiana nasehon'ny mpitondra izany.

Eo koa ny fisian'ny "aide budgétaire" izay heverina ho 1474 Miliara Ariary no ho azo amin'ny taona ho avy raha nahazo 1745,7 Miliara Ariary isika tamin'ity taona ity. Arakaraka ny fahaizantsika miasa no hahazoana vola betsaka raha ny marina.

Mba hahamarin-toerana ny fitantanana ny volam-panjakana, tsy maintsy mitady fomba ahafahana miatrika ny “déficate” voalaza tany aloha isika, 1390,3 Miliara Ariary izany tamin'ity taona ity.

Raha jerena indray ny fitsinjarana ireo vola ireo dia tahaka izao manaraka izao: ampahany betsaka no omena ny Minisitara misahana ny lafiny ara-tsosialy. Ny Minisitara ho amin'ny lafiny famokarana dia 230,6 Miliara Ariary, nitombo 30,3% izany raha oharina tamin'ity taona ity.

Ny Minisitara misahana ny Fandriampahalemana, 215,6 Miliara Ariary, ny Minisitara miandraikitra ny Fotodrafitrasa, 213,3 Miliara Ariary ary ny Minisitara hafa, mitentina 145,9 Miliara Ariary.

Raha ny fitsinjarana isaky ny “rubrique” indray dia ny “personnel”, ny “fonctionnement” ary ny “investissement”, mitentina 10038 Miliara Ariary, izay mitsinjara toy izao:

- “solde”: 2700 Miliara Ariary,
- “indemnité”: 203,3 Miliara Ariary,
- “biens et services”: 1315,7 Miliara Ariary,
- “transfert”: 983,6 Miliara Ariary,
- “PIP externe”: 2491,4 Miliara Ariary,
- “PIP interne”: 2344 Miliara Ariary.

Mba ahafahana mijery ny ezaka araka ny toko telo nolazaina tany aloha, ny lafiny ara-tsosialy no misitraka ny ampahany be indrindra amin'ny fandaniana ny volam-panjakana, 39,57% izany; manaraka ny fitantanana ny raharaham-panjakana, 37,27%; ny toekarena 21,07% ary ny tontolo iainana dia 2,10%.

Marihana etoana fa mety hiova ireo taha ireo isan-taona, indrindra io farany io.

Raha jerena ny velirano nataon'ny Filohampirenena, hita eto izy 13 izay nolazainy ary ireo amin'ny tabilao ireo ny tahan'ny tsirairay amin'izany.

Izay no fanolorana amin'ny ankapobeny ny tetibolam-panjakana hampiasaina amin'ny taona 2020 natao teto anoloanareo. Marihana fa misy ny fanitsiana na “réforme” tsy maintsy atao amin'ny taona ho avy mikasika ny “investissement” amin'ny ankapobeny. Nandray fanapahan-kevitra koa ny Governemanta amin'ny fitantanana an'ireo “transferts” ireo mba hampihenana izany.

Nofoanana koa ny “comptes de commerce” fa alefa any amin'ny «budget général» manomboka amin'izao.

Nanamarika Andriamatoa Minisitara, taorian'ny fanolorana ankapobeny nataony, fa homena fitaovana mba hialana amin'ny fahasahiranana amin'ny fandinihana ireo boky matevina mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana ny Solombavambahoaka. Izany hoe «tablette» no omenay ka ao anatin'izany no ahafahanareo mandinika ny tetibolam-panjakana amin'ny taona ho avy.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanolorany ny volavolan-dalàna mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020 ary nanontany ny Solombavambahoaka raha misy manana fanontaniana.

Nomarihany fa mbola handalo any amin'ny asam-baomiera ity volavolan-dalàna ity ka raha misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany dia hasaina ho tonga hanatrika izany asa izany fa izao fanontaniana amin'ny ankapobeny momba ity volavolan-dalàna ity no hatao.

Niangavy ny Solombavambahoaka ihany koa ny tenany mba hametra ny fandraisam-pitenenana satria mbola handeha hanatrika Filankevitry ny Minisitry, Andriamatoa Minisitry afaka fotoana fohy.

Telo no fanamarihana napetraky ny Solombavambahoaka RIVOTIANA Richard Jean Bosco. Voalohany, mikasika ny CLD izay mbola tsy mazava ny famoahana sy ny fampiasana azy ka mangataka fanazavana mikasika izany.

Faharoa, ny Governora nahazo vola tany amin'ny Filohampirenena kanefa mbola tsy afaka mampiasa izany amin'izao fotoana izao ka mangataka ny hanamorana ny famoahana izany.

Fahatelo, momba ny "investissements" voalaza teo; misy mankany amin'ny Distrika ve izany mba ahafahanay manao tatitra any amin'ny vahoaka.

Farany, jereo akaiky ny mikasika ny fandraisana ny Solombavambahoaka rehefa mandeha any amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Vola satria tsy voaray mihitsy rehefa mankany.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore indray nilaza fa tsy voantso ny Solombavambahoaka tamin'ny "conférence budgétaire régionale" notanterahana teo.

Nisondrotra ny vola azon'ny "Governorat" hanamboarana ny lalana ka manao ahoana ny momba ny sasany toy ny Kaominina sa misy enti-manana homena.

Nanambara Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien fa nazava ny famelabelarana natolotr'Andriamatoa Minisitry teo ary nanontany raha efa tafiditra ao anatin'ny "tablette" ny "synthèse"-n'ity volavolan-dalàna ity ary raha efa tafiditra amin'ity «loi de finances» ity ny zavatra natao tamin'ny Septambra lasa teo.

Nanontany koa izy raha taratry ny PGE ny «loi de finances».

Rehefa izany, novalian'Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy Vola ny fanontaniana avy any amin'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana.

Mikasika ny CLD, efa mijery akaiky ny momba izany sy ny fampiasana ny vola amin'izao fotoana izao satria hazakazaka ny nanaovana ny LFR teo fa ny «engagement» kosa dia amin'ny 27 Desambra 2019 ho avy izao.

Momba ny «audience» any amin'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Vola; misy ihany no voaray fa hasiana fandaminana ny mikasika izany kanefa afaka miantso na mandefa SMS ny tenako na ny «Directeur de Cabinet»-ko ianareo mba hanamora ny fandraisana.

Mikasika ny «investissements par District», efa tafiditra ao anaty «tablette» izany.

Mety hisy ny LFR ao aoriana ao ka mety hivoatra izany raha ny voalazan'ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore teo.

Tara tamin'ity taona ity ny fiantsoana ny Solombavambahoaka tamin'ny “conférence budgétaire régionale”, fa amin'ny taona manaraka halefa aloha ny «consultation régionale».

Momba ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien teo; efa ao anatin'ny «tablette» ny «synthèse»-n'ity volavolan-dalàna ity ary raha ny mikasika ny PGE sy ny «loi de finances» dia miaraka ireo satria ny PGE tetikasa mandritra ny 5 taona ary ny «loi de finances» ny vola hanatanterahana izany izay laniana isan-taona.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha, ny Solombavambahoaka indray ny fitenenana.

Andriamatoa ROCHELIN Houssen nanamarika fa ny “pression fiscale” any “Mali” 17% ary ny eto Madagasikara 10,7% ka hita fa efa mihezaka isika.

Nanontany ny tenany hoe maninona ny mpiasan'ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Vola no mandray “prime” matetika.

Nanontany koa izy ny tanjona amin'ny vola natao “transferts”.

Nilaza koa izy fa tsy mety ny fomba fiasan'ny CENI amin'ny fanaovana “recensement” satria ny Sefom-pokontany no tokony hanatanteraka izany.

Tokony hampitomboina ny karaman'ny Sefom-pokontany noho ny fitombon'ny volan'ny Minisiteran'ny Atitany.

Nofaranany tamin'ny fanontaniana mikasika ny antony nanenana ny “aide budgétaire”.

Nanambara Andriamatoa FAMINDRA Justin, fa raha ny mikasika ny “pression fiscale” dia tsy hitan'ny Malagasy ny fiantraikany satria tamin'ny andron'ny Jeneraly RAMANANTSOA dia nanambara izy, fa ratsy ny hetra ary raiki-tapisaka tao antsain'ny Malagasy izany ka tsy te-handoa intsony; eo koa ny kolikoly izay manjaka eny anivon'ny mpiasan'ny hetra.

Mikasika ny CLD, sao mba misy hevitra hanamorana sy hanatsorana ny famoahana ary ny fampiasana izany.

Andriamatoa RANDRIANARIVELO Justin Abel, indray nanontany raha misoratra ao anatin'ity volavolan-dalàna ity ny “promesse présidentielle” ary manao ahoana ny fandrindrana sy ny “priorisation” azy ireny.

Mikasika ny “pression fiscale” no nanombohan'Andriamatoa Minisitry Toekarena sy ny Vola ny famaliany ny fanontaniana.

Nambarany fa 17,2% ny “moyenne” aty Afrika ka tsy ratsy loatra raha izany ny eto Madagasikara ary raha mbola miresaka hetra ihany, tsy nisy nihetsika ny hetra rehetra toy ny TVA, ny hetra trano sns, fa ny hetra momba ny “douanes” ihany no niakatra mba ahafahana hanatsarana ny asa.

Raha mikasika ny fampidiran-ketra, mbola ambany ny antsika raha mitaha amin'ny firenena hafa, indrindra ireo firenena tavaratra. Ohatra amin'izany, ny any Danemark, mahatratra 54% ny azy ny “taux de pression fiscale”; lavitra ny antsika raha mitaha amin'izany.

Maro no mbola tsy mandoa hetra eto Madagasikara ary tsy mety hoy izy raha foanana izany eto amintsika satria amina miliara maro no tsy ho tafiditra amin'ny kitapom-bolampanjakana, ka mety hampahantra kokoa an'i Mdagasikara izany.

Ohatra ny “opérateur téléphonique” eto amintsika dia ny 35 ka hatramin’ny 50% ihany no “déclarer”-ny, fa efa hojerena akaiky ny mikasika izany.

Momba ny “aide budgétaire” nahena dia tombatombana ihany no voasoratra ao anatin’ity volavolan-dalàna ity fa mbola mety hitombo izany rehefa tonga ny LFR.

Mikasika ny karaman’ny Sefom-pokontany, efa eo am-pijerena izany amin’izao fotoana izao.

Taorian’izay, nomen-dRamatoa Filoha, ny Solombavambahoaka indray ny fitenenana.

Nomarihan’Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth, fa any Fianarantsoa dia mbola misy “arriéré” 16 volana tsy voaloha ny karaman’ny mpiasan’ny Kaominina, ka nanontany ny fepetra horaisina mikasika izany izy satria mety hiteraka korontana izany.

Nanamarika Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, fa matoa ny «pression fiscale» eto Madagasikara ambany dia noho ny 90%-n’ny “activités” rehetra misy eto amintsika dia ao amin’ny “secteur informel” daholo izay mametraka antsika ho laharana voalohany amin’ny tsy fanarahan-dalàna aty Afrika; koa efa misy politika hapetraka ve momba izany.

Nambaran’Andriamatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Vola, fa tsy ny “arriéré”-n’ny Kaominina ihany no mbola tsy voaloha fa efa mijery ny momba izany amin’izao ary hatao tsikelikely ny fanefana izany.

Nomarihany fa tanjona mila trararina ny hampiakarana an’io tahan’ny “pression fiscale” amin’ny taona 2021 ary hanenjehana an’ireo mpanao “blanchiment de capitaux”.

Teo ampamaranana, nanamarika Andriamatoa Minisitry, fa handalo eto amin’ny Antenimierampirenena ny volavolan-dalàna momba ny banky satria maro amin’izy ireo no mampiditra miliara betsaka kanefa tsy fantatra marina ny fiavian’izany.

Rehefa izay, nisaotra an’Andriamatoa Minisitry, Ramatoa Filoha, tamin’ny fanolorany ny volavolan-dalàna mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020 sy ny fitaovana izay natolotry ny Minisitry ho an’ny Solombavambahoaka.

Talohan’ny hiaton’ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, izay mikasika ny asam-baomiera momba ity volavolan-dalàna ity izay tanterahana ato amin’ny “Salle des séances” afaka fotoana fohy ary rahampitso amin’ny 10 ora, maraina, fivoriambe hanatanterahana ny “Requête”-n’ny Solombavambahoaka voafidy tany Mahabo sy Fandriana; ny tolak’andro indray manomboka amin’ny 3 ora sy mitohy ny Sabotsy 30 Novambra 2019 amin’ny 10 ora, maraina, ny fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika lalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana, taona 2020, ka nanentana ny rehetra ny tenany mba havitrika hanatrika ireo fivoriana ireo.

Niato tamin’ny 2 ora, tolak’andro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona